



TATITRY NY FIVORIANA NIARAHAN'ANDRIAMATOA PRAIMINISITRA TAMIN'IREO ADMINISTRATEURS CIVILS & GRANDS CORPS

Ny 03 Martsa 2015
Lapan'i Mahazoarivo

Nitohy omaly faha 04 martsa 2015 ny fandraisan'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ireo tompo'andraikitra isan-tsokajiny eto amin'ny Firenena, ka tetsy amin'ny Lapan'i Mahazoarivo no nanatontosany ny fihaonana tamin'ireo Administrateurs Civils sy Grands Corps.

Tamin'izany no nanambarany fa vita hatreo ny gaboraraka sy ny fanaovana ny danin'ny kibo eo amin'ny fandraharahana ankapobeny eo amin'ny Fanjakana. Nohamafisiny tamin'izany fa miditra amin'ny Fanjakana tsara tantana sy ny ady amin'ny kolikoly isika izao ; noho izany dia mitaky fiovan'ny toe-tsaina sy fiovam-penitra izany ezaka goavana izany mba ahazoana miditra haingana amin'ny fanavotana an'i Madagasikara.

Nandritra ity fihaonana ity no nilazan'ny Praiminisitra fa ny Administrateurs Civils sy ny Grands Corps no mifanosona akaiky amin'ny vahoaka manerana an'i Madagasikara, koa tsy mahagaga, raha miantefa amin'izy ireo mivantana ny fitarainan'ny olona.

« Tokony hijoro ho môdely isika ary tokony hatsahatra ny kitrano an-trano », hoy izy, ary niangavy ireto Administrateurs Civils sy Grands Corps ireto ny Praiminisitra mba hiova, ka ho mendrika ny fitokisana 100% izay omena azy ireo manomboka izao. « Tsy misy indrafo intsony ny fanjakazakana », hoy ihany izy, « toy izany koa ny fanelanelanana samihafa, ary indrindra, ireo fanomezan-dalana an-tsokosoko isan-karazany ».

Tamin'ity fihaonana ity koa no nanambaran'ny Praiminisitra ny fangaraharaha ka nitenenany fa basy an-tifikavana ny fandalana ny marina ka tsy afenina fa arangaranga. Notsipihany mazava tamin'izany fa raha miray tsikombakomba amin'ny mpanao ratsy ireo Administrateurs Civils sy Grands Corps ireo, dia sarotra ny hanafoanana ny tsy mety, hany ka ny fahefam-panjakana no tsy ho azo ampiarina intsony.

Nolazain'Andriamatoa Praiminisitra fa tsapan'ny Fianakaviam-be iraisam-pirenena ankehitriny fa te hitondra fanovana lehibe izao Governemanta izao. Sahy milaza mihitsy aza izy ireo, raha ny nambaran'ny Praiminisitra fa ny harentsika eto Madagasikara ihany dia ampy hitondrana ny fampandrosoana ka tsy mila ny fanampian'ireo Mpamatsy vola akory isika. Nolazainy am-pahibemaso ny fahatsapany fa atao an-tsirambina ny fitantanana ny harem-be eto amintsika. *“Ianareo Administrateurs Civils sy Grands Corps no afaka hanova izany toe-javatra izany, hoy izy, ka tsy maintsy miezaka ianareo, miasa tsara ho an'ny*

vahoaka amin'ny maha mpiasam-panjakana anareo, satria ny 50%ⁿ ny teti-bolam-panjakana no lany amin'ny karaman'ny mpiasam-panjakana ».

Hentitra dia hentitra ny tenin'ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta nanambara fa tapitra ny sangisangy, “ataovy mazava, hoy ihany izy, ny fifandraisanareo amin'ny olom-pehezinareo mba hahatonga ny fitondram-panjakana tsy hampijaly vahoaka, koa sady mampitandrina aho no manome fitokisana”, araka ny nambarany.

Ho setrin'izany kosa dia sady nanome fisaorana an'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, ny Minisitry ny Atitany sy ny Lehiben'ny Faritra Analamanga, no sady nanome toky, fa hanatanteraka ny baiko sy ny toromarika nomena azy ireo. Fantatray, hoy izy ireo fa lalana mankany amin'ny tany tan-dalàna izao fihetsika nataon'ny Praiminisitra namory ny Administrateurs Civils sy Grands Corps izao. Mampanantena izahay, hoy ihany izy ireo, fa ho Fanjakana voasolo tena tsara (Etat bien représenté) izao fanjakana izao. Nambaran'izy ireo fa izao vao tena miaina ao anatin'ny Repôblika i Madagasikara, ka ny hasim-panjakana (Raison d'Etat) no hanentana azy ireo amin'ny fifanohanana amin'ny fitondram-panjakana manomboka izao.

Antananarivo, faha 04 martsa 2015

**Ny Mpitondra tenin'ny Governemanta
Onitiana REALY
Minisitry ny Mponina, ny fiahiana ara-
tsosialy ary ny famiroboroboana ny
vehivavy
Vonison ANDRIANJATO RAZAFINDAMBO
Minisitry ny Serasera sy ny Fifandraisana
amin'ny Andrim-panjakana**



RAPPORT DE LA RÉUNION DU PREMIER MINISTRE AVEC LES ADMINISTRATEURS CIVILS ET LES GRANDS CORPS DE L'ETAT – Le 3 mars 2015

Palais de Mahazoarivo

Suite aux différentes rencontres avec les Fonctionnaires de tous les niveaux, la réunion du Premier Ministre, Chef du Gouvernement avec les Administrateurs Civils et les Grands Corps de l'Etat s'est tenue au Palais de Mahazoarivo hier 03 Mars 2015.

Il a déclaré que le temps de l'anarchie et des abus dans la conduite des affaires de l'État est désormais révolu. Le combat d'aujourd'hui tend vers la bonne gouvernance et contre la corruption. De ce fait, il faut changer les attitudes et les comportements pour permettre le redressement rapide de Madagascar, selon le Premier Ministre.

Lors de cette réunion, il a souligné que les Administrateurs Civils et les Grands Corps de l'Etat sont en étroite relation avec la population malgache et ce n'est pas étonnant s'ils sont accusés par cette dernière d'être les responsables de leur détresse.

«*Nous devons être un modèle et cesser le copinage (kitrano an-trano)*», d'après le Premier Ministre qui n'a pas manqué de demander aux Administrateurs Civils et Grands Corps de l'Etat de changer et d'être digne de la confiance qui leur est accordée à 100%, à partir de maintenant. «*Les abus ne seront plus tolérés et toutes sortes d'interventions et de passe-droits doivent être cessés* ».

Le Premier Ministre a également exigé la transparence et la rectitude qui sont, dorénavant, des armes pointées directement vers ceux qui persistent à avoir les mauvaises habitudes. Il a clairement souligné que si les Administrateurs Civils et les Grands Corps sont de mèche avec les malfaiteurs, il sera très difficile d'appliquer l'autorité de l'Etat.

Il a mentionné que la Communauté Internationale a actuellement pris conscience des grands changements apportés par le Gouvernement actuel. Elle ose même dire que les richesses de Madagascar sont suffisantes pour le développement de notre pays et que nous pouvons nous passer de l'aide des bailleurs de fonds. Il a soulevé ouvertement, que la gestion de la richesse nationale comporte trop de laxisme. «*Les Administrateurs Civils et les Grands Corps sont capables de changer cette situation* », a-t-il dit, et qu'ils devraient déployer leurs efforts pour bien servir le public, parce qu'ils sont parmi les fonctionnaires qui bénéficient les 50% du budget de l'Etat en masse salariale.

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement a averti qu'il est temps de mettre fin à la

plaisanterie. « *Remédier vos relations avec ceux qui sont sous vos ordres pour que le Gouvernement puisse aider le peuple à sortir de leur souffrance. Je vous mets en garde, tout en vous accordant ma confiance entière à 100%* », a-t-il prononcé.

En retour, le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation et le Chef de la Région Analamanga, ont adressé leurs remerciements à Monsieur Le Premier Ministre en le promettant qu'ils exécuteront ses ordres et qu'ils suivront les instructions qui leur sont données. Nous savons, disent-ils, que l'initiative du Premier Ministre, Chef du Gouvernement, d'avoir réuni les Administrateurs Civils et les Grands Corps est un bon chemin qui conduit vers l'Etat de droit. Nous promettons solennellement, disent-ils, que l'État sera bien représenté. Ils ont également déclaré que Madagascar est réellement en République et qu'à partir de maintenant, seule la raison d'Etat sera leur référence pour leur relation avec le Gouvernement.

Antananarivo, le 04 Mars 2015

Les Porte-paroles du Gouvernement
Madame Onitiana REALY
Ministre de la Population, de la
Protection Sociale
et de la Promotion de la Femme
M. Vonison RAZAFINDAMBO
ANDRIANJATO
Ministre de la Communication et des
Relations
avec le Institutions



**TATITRY NY FIVORIANA NIARAHAN'ANDRIAMATOA PRAIMINISITRA TAMIN'IREO
FIANAKAVIAM-BEN'NY JIRAMA
Ny 3 Martsa 2015
Lapan'i Mahazoarivo**

Taorian'ny fandraisany ireo Administrateurs Civils sy Grands Corps dia niroso avy hatrany tamin'ny fandraisana ny Fianakaviam-ben'ny JIRAMA ny Praiminisitra Jean RAVELONARIVO.

Hentitra dia hentitra izy raha nanambara nandritra ity fivoriana niarahany tamin'ny fianakaviam-ben'ny JIRAMA ity fa vesatra ho an'ny Fanjakana ny JIRAMA, “goragora be ny fitantanana”, hoy izy.

Nambarany tamin'izany fa sakana ho an'ny vahoaka sy ny Fanjakana amin'ny dinika sy ny mpamatsy vola ny JIRAMA. “Tsy manaiky izany intsony ny tenako ary tsy rariny raha tsy hiezaka ianareo” hoy ihany izy tamin'ireto fianakaviam-ben'ny JIRAMA ireto.

Misosa tsara mandrakariva ny dinika iarahan'ny Praiminisitra amin'ny mpamatsy vola amin'ny ankapobeny, fa rehefa tonga eo amin'ny resaka JIRAMA, dia tankina avokoa ny rehetra, hoy ny Lehiben'ny Governemanta. Ny 35% amin'ny gazôla no very araka ny filazan'ny FMI ary mahamenatra izany, hoy ihany ny Praiminisitra Jean RAVELONARIVO, satria dia efa misy tambazotra mihitsy io fangalarana ny gazôla ao amin'ny JIRAMA io. “Mampitandrina aho fa famotehana an-kitsirano izany ... Nefa ny Firenena mitrosa atsy sy aroa”, hoy ihany izy tamin'ny fomba entita. Tsy ekeny ihany koa ny fifampiarovana ao amin'ny JIRAMA amin'ny tsy fahamarinana atao sy manoloana ny zavatra tsy mety.

Raha ny kajikajy dia vola mitentina 1,3 Miliara ariary isan'andro no lanin'ny Fanjakana sy ny vahoaka amin'ny JIRAMA. Ary ny toetra tena mamohetra indrindra aza dia misy mihitsy tompon'andraikitra ao amin'ny JIRAMA nanararaotra nivarotra gazôla nandritra ny fandalovan'ny rivo-doza, ary avy eo dia sahy mitaraina fa lany ny gazôla ka ho tapaka ny jiro. Tsy rariny hoy ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta raha 3.400 metatra toratelo no fandaniana natao tamin'ny volana Septambra 2014 amin'ny faharitan'ny rano, kanefa nolazaina fa 7.000 metatra toratelo be amin'izao fotoana izao.

Nomarihany tamin'izany anefa fa tsy ratsy avokoa ireo tompon'andraikitra rehetra ao amin'ny JIRAMA.

Nilaza àry ny Praiminisitra fa misokatra ho an'ny fianakaviam-ben'ny JIRAMA rehetra tsy anakanavaka ny varavarany, manomboka hatrany amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra. Tamin'izany koa no nilazany fa mbola hanome fitaovana ny orinasa

JIRAMA ny Fitondram-panjakana. Ireo fitaovana ireo moa dia nolazainy fa fanomezana avy amin'ny Banky iraisam-pirenena.

Nanome baiko ireto fianakaviam-ben'ny JIRAMA ireto àry Andriamatoa Praiminisitra mba tsy hiverenan'ny gaboraraka intsony ka hanao fanadiovana tanteraka ny asany izy ireo ao anatin'ny roa volana. Nohamafisany ihany koa fa hisy fepetra manokana horaisin'ny Fanjakana amin'izay mety ho fandikan-dalàna ao amin'ny JIRAMA. Ampanjakaina hoy izy ireo tarigetra ireto **“Hentitra amin'izay atao (RIGUEUR) – Hanana faharetana amin'izay atao (PERSEVERANCE) – Ho marina amin'izay atao (INTEGRITE)”**.

Samy nilaza na ny Minisitry ny Angovo n any Tale Jeneralin'ny Orinasa JIRAMA fa hampihatra 100% ny toromarika nomen'ny Praiminisitra.

Antananarivo, faha 04 martsa 2015

**Ny Mpitondra tenin'ny Governemanta
Onitiana REALY
Minisitry ny Mponina, ny fiahiana ara-
tsosialy ary ny famiroboroboana ny
vehivavy
Vonison ANDRIANJATO RAZAFINDAMBO
Minisitry ny Serasera sy ny Fifandraisana
amin'ny Andrim-panjakana**



RAPPORT DE LA RÉUNION DU PREMIER MINISTRE AVEC LES RESPONSABLES DE LA JIRAMA Palais de Mahazoarivo – Le 3 mars 2015

Palais de Mahazoarivo

Après avoir reçu les Administrateurs civils et les Grands Corps de l'Etat, le Premier Ministre Jean Ravelonarivo a reçu la grande famille de la JIRAMA.

Dans un ton ferme, le Premier Ministre a déclaré que la JIRAMA est un fardeau pour l'Etat en raison de la gabegie dans sa gestion. Il a expliqué que la JIRAMA constitue un blocage dans les discussions avec les bailleurs de fonds : « *Je n'accepte pas cette situation, vous devriez faire un grand effort* » a prévenu le Chef du Gouvernement.

En effet, selon toujours le Premier Ministre, les discussions avec les bailleurs de fonds vont généralement très bien jusqu'au moment où l'on aborde le problème de la JIRAMA : « *35% des gasoils sont détournés selon le FMI. C'est honteux, il y a tout un réseau qui est impliquée dans ce détournement. Je vous préviens, le pays d'endette alors que c'est là un pure et simple massacre inacceptable* » a-t-il exprimé avec fermeté. Il a par ailleurs prévenu qu'il ne tolérera toute tentative de protection des auteurs de ces détournements.

Selon toujours le Premier Ministre, le peuple et l'Etat dépensent 1,3 milliards Ariary par jour pour la JIRAMA si on fait le calcul. « *Ce qui est dégradant c'est de voir des responsables de la JIRAMA qui profitent du passage de cyclone pour vendre des gasoils et se plaindre par la suite de l'épuisement de stocks de gasoil pour l'électricité* » explique le Premier Ministre. Il n'est pas normal, poursuit-il, de voir 3400 m³ de consommation durant le mois de Septembre 2014 durant la période sèche alors qu'aujourd'hui on dit que la consommation s'élève à 7000 m³.

Le Premier Ministre a toutefois fait remarquer que ce ne sont pas tous les responsables de la JIRAMA qui sont tous mauvais. Il a déclaré que ses portes sont ouvertes à toute la grande famille de la JIRAMA, sans exception, des simples employés aux hauts responsables. Il a indiqué que l'Etat va encore doter des équipements à la société JIRAMA.

Il a donné des instructions à cette grande famille de la JIRAMA de mettre un cran d'arrêt à la gabegie et de procéder à l'assainissement d'ici deux mois. Il a annoncé que l'Etat va prendre des mesures spéciales pour les éventuels manquements. Dorénavant, "RIGUEUR – PERSEVERANCE – INTEGRITE" seront les devises dans la gestion de la JIRAMA, a déclaré le Premier Ministre

Le Ministre de l’Energie et le Directeur Général de la JIRAMA ont tous affirmé qu’ils vont appliquer à 100% les instructions du Premier Ministre.

Antananarivo, le 04 mars 2015

Les Porte-paroles du Gouvernement
Madame Onitiana REALY
Ministre de la Population, de la
Protection Sociale
et de la Promotion de la Femme
M. Vonison RAZAFINDAMBO
ANDRIANJATO
Ministre de la Communication et des
Relations
avec le Institutions